**R. M.**

**Izaho Ranavalomanjaka, noho ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny sitrapon'ny vahoaka, Mpanjaka ny Madagaskara, sy mpiaro ny Lalan'ny taniko,...**
**Ity no Lalan'ny Fanjakako eto Madagaskara, koa ny hanaovako ity Lalana ity dia ho fitsipika arahina mba hahalalanareo ny tsy hahadiso anareo, fa tsy tiako indrindra ny hahadiso anareo; kanefa na dia tsy tiako aza ny hahadiso anareo, raha mandika sy tsy mankato ity Lalana ity na iza na iza, dia tsy maintsy didiako araka ny voalaza ao aminy, fa tsy mizaha tavan'olona ny Lalana, fa Lalana hohamasinina hankatoaviko Izaho sy ianareo Ambanilanitra. Koa samia hendry sy mitandrina tsara, ry Ambanilanitra, hiadananareo hahatsara ny Fanjakako.**
**Ary ity Lalana ity dia azo tanan'ny olona rehetra; kanefa na dia mitana ity Lalana ity aza, dia tsy mahazo mandidy afa-tsy izay notendrena hanao izany; fa raha misy mandidy afa-tsy izay asaiko manao dia meloka. Ity Lalana ity dia azo ampiana sy ovana, raha misy fantatro hahasoa anareo Ambanilanitra.**
**"Koa diniho ny marina, ary jereo ny mahitsy, fa fiadanana no faran'izany."**



**Hoy: RANAVALOMANJAKA**
**Mpanjaka ny Madagaskara,**
**1 alakarabo 1881 (29 marsa 1881)**

“TSY ADIDIKO IZAHO IRERY FA ADIDIKO IZAHO SY HIANAREO” Hoy RANAVALOMANJAKA Mpanjaka ny Madagaskara

**NY LALAN'NY FANJAKANA**
Izao no Didin'ny Fanjakana sy ny Lalana tamin' Andrianampoinimerina sy Lehidama sy Rabodonandrianampoinimerina sy Rasoherimanjaka sy ny Didiko IZAHO RANAVALOMANJAKA, Mpanjaka ny Madagasikara, hotandremanareo Ambanilanitra.

NY LALAN'NY FANJAKANA, LALANA MAHAZO NY VAHOAKA REHETRA

**1 Ny heloka 12 loha mahafaty sy mahalany fananana na lahy na vavy**

Ny manao ody ratsy hamonoana Andriana.
Ny mandrendrim-bahoaka hikomy.
Ny miray tetika amy ny mikomy hikomy.
Ny mamporisi-bahoaka hikomy.
Ny mamoky ny hendry sy manome fo ny adala hikomy.
Ny hanangana andrian-kafa hikomy.
Ny hanaratsy Fanjakana hikomy.
Ny mihevitra hamono olona hikomy.
Ny manani-dRova hikomy.
Ny manao lefom-pohy hikomy.
Ny azon-tambim-bola aman-karena hikomy.
Ny mamono olona mahafaty olona.

Izao no heloka 12 loha mahafaty, ka na iza na iza mandika izao, na dia ny iray amin'izao aza, dia vonoina ho faty, ary ny fananany rehetra, na natolony an'iza na natolony an'iza, dia lanina.

2 Ny vady aman-janaky ny mikomy, raha mahita marina ka tsy milaza dia atao gadralava mandra-pahafatiny.

3 Ny olona izay mahita marina sy mahare marina ny mikomy sy hamono olona ka tsy milaza dia atao gadralava mandra-pahafatiny.

## NY MAMONO OLONA

4 Raha misy minia mamely olona zava-maranitra fomban' ny fiadiana, na dia tsy mahafaty aza, dia vonoina ho faty.

5 Raha misy tambazan' olona na karamain' olona hamono olona, na ny maniraka na ny irahiny dia vonoina ho faty.

6 Raha misy mamely vy olona, ka tsy mahafaty, dia atao gadralava herintaona.

## NY FIANDRIANAN'NY MPANJAKA

7 Raha misy olona tsy manaja ny fiandrianan' ny Mpanjaka, dia mandoa ariary roapolo vidin-doha, sy vola ariary telopolo tovotr' Andriana ; ka raha tsy mahaloa dia atao gadralava dimy taona.

## NY HELOKA IGADRANA HATRAMY NY FOLO TAONA NOHO MIAKATRA

8 Ny mampakatra Masombika na olona hafa avy any an-dafin-ny ranomasina hamidy na handevozina, na mamarina olona any an-dafin'ny ranomasina, dia atao gadralava mandra-pahafatiny, ary ny fananany dia lanina.

9 Ny mihady volamena, na volafotsy, sy diamondra, sy ny manonta vola, dia atao gadralava roapolo taona.

10 Ny mineraly (dia ny volamena, sy volafosty, sy varahina, sy firaka, sy vy, sy vatosoam sy diamondra, sy arin-tany, ets.) dia tsy azo hadina, na any aminy ny tany nohofana, na amy ny tany tsy nohofana, fa raha misy manao izany dia atao gadralava roapolo taona.

11 Ny manao ody ratsy, mamerina ny fanao teo aloha, dia atao gadralava roapolo taona.

12 Ny mangalatra olona dia atao gadralava roapolo taona, ary ny fananany dia lanina.

13 Ny mangala-kase dia atao gadralava roapolo taona.

14 Ny mangaron-dapa dia atao gadralava folo taona.

15 Ny mangala-tsonia dia atao gadralava folo taona.

16 Ny mandoro trano dia atao gadralava folo taona, ary ny fananany dia lanina.

17 Ny mihady fasana dia atao gadralava folo taona, ary ny fananany dia lanina.

18 Ny manami-trano dia atao gadralava folo taona, ary ny fananany dia lanina.

19 Ny manao be hariva hanao ratsy dia atao gadralava folo taona, ary ny fananany dia lanina.

20 Ny mitahiry afa-tsy izay asain' ny Mpanjaka avoakan-dRainilaiarivony, Prime Minister sy commander-in-Chief, dia atao gadralava folo taona.

21 Ny mividy vanja na mivarotra, nefa tsy mahazo fahefana avy amin-dRainilaiarivony, Prime Minister sy Commander-in -Chief, dia atao gadralava folo taona.

## NY HALATRA

22 Raha misy tononina ho halatra, dia tsy azo tsaraina raha tsy amy ny fitsarana ; fa izay manefa halatra dia sazina omby dimy sy a. 5 isan-olona manefa halatra ; ka raha tsy mahaloa dia atao an-trano-maizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry sy saziny.

23 Ny mandidy lamba an-tsena mangalatra dia atao gadralava enim-bolana.

24 Ny mijinja vary alina any an-tsaha mangalatra, sy ny mangala-bary, sy ny mihady lava-bary, dia atao gadralava herintaona ; ary ny varin' olona dia averina, ka raha tsy mahaverina dia migadra roa taona.

25 Ny mangala-dakana dia sazina omby iray sy a. 1, ary manonitra ny lakan'olona : ka ny lakan-kely onerany a. 3, ny salasala a. 5, ny lehibe a. 8 ; ka raha tsy mahonitra ny lakan'olona sy tsy mahaloa ny saziny, dia atao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny sy ny vidin-dakana.

26 Ny mangala-javatra ao an-trano-fivavahana dia atao gadralava fito taona.

27 Ny mangalatra omby dia sazina omby iray sy a. 1 isan-omby nangalariny, ary manonitra ny ombin'olona : ka ny omby vavy onerany a. 3, ny vositra a. 5, ny mifahy dia a. 8 ; ka raha tsy mahobitra ny ombin'olona sy tsy mahaloa say dia atao gadralava herintaona isan-omby nangalariny. Ary raha ny sazy no tsy voaloany, dia atao an-trano-maizina ankevitry ny sikajy isan-andro izy, mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

28 Raha hitan' ny tompony hiany ny ombiny nangalarin' olona, dia alainy ny ombiny, ary ilay mpangalatra dia ateriny amy ny fanjakana handoa ny omby iray sy a. 1 isan-omby izay saziny ; ka raha ilay tompon' omby no tsy manatitra ilay mpangalatra, dia afatra aminy ny sazin' ilay mpangalatra nalefany. Ary raha ilay mpangalatra kosa no tsy mahaloa sazy dia atao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andro izy mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

29 Ny mangalatra ondry, na osy, na kisoa, na saka, naalika, dia atao antrano-maizina tapa-bolana. Ary ny zavatr' olona dia averina amy ny tompony ; ka raha tsy mahaverina dia atao gadralava dimy volana.

30 Ny mangalatra vorontsiloza, na vormbe, na dokotra, vorombazaha, na akoho, dia atao -an-trano-maizina herinandro ; ary ny zavatr' olona dia averina amy ny tompony, ka raha tsy mahavernia dia atao an-trano-maizina roa volana.

31 Ny mangalatra an-tsena hatramy ny vola loso noho miakatra, na zavatra tokony ho lafo loso noho miakatra, dia atao gadralava herintaona, ary ny zavatr' olona dia averina amy ny tompony; ka raha tsy mahaverina, na dia tapitra aza ny herintaona, dia mbola migadra ankevitry ny sikajy isan-andro hiany izy, amy ny ankeritry ny vidin-javatra nangalariny.

32 Ny mangalatra an-tsena hatramy ny vola loso no midna, na mangala-javatra tokony ho lafo loso no midina, dia atao gadralava telo volana; ary ny zavatr'olona dia averina amy ny tompony; ka raha tsy mahaverina dia ampitomboina ho dimy volana ny fetr'andro igadrany.

33 Ny mangala-pary, na mangahazo, na vomanga, na ovy, na katsaka, na tsaramaso, na voanjo, na voatavo, na akondro, na voasary, na voalokboka, na manga, na bibasy, na anana, na vovo, sy izay zavatra madinidinika rehetra, na an-tsaha na an-tanàna, dia atao an-trano-maizina herin-andro, ary manonitra ny vidin-javatra nangalariny; kanefa raha tsy mitondra mody izy, fa eran'ny vavany ihany no haniny eo, dia tsy mahameloka azy izany.

34 Ny manandoka maka zavatr'olona, na manao ho tenin'Andriana, na tenin'ny lehibe, ary na tenin'iza na tenin'iza, dia sazina fahatelon'ny zavatr'olona nosandohany, ary ny zavatr'olona nosandohany dia averina amy ny tompony; ka raha tsy mahaverina izy, dia atao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andro amy ny zavatra nosandohany sy ny saziny.

35 Ny zavatra very raha misy mahita dia haterina ao amy ny tranom-panjakana izay akaiky azy; ary ny fahadimin'ny zavtra very hita dia halaina hosasahan'ny fanjakana sy ilay nahita. Ary raha misy mahita ny zavatr'olona very, ka tsy manatitra, dia hatao an-trano-maizina iray volana; ary ny zavatr'olona dia omena ny tompony, ka raha tsy manome, dia hatao gadralava ankevitry ny sikajy isan'andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny vidi'ny zavatr'olona.

36 Raha misy manafina ny harena'Andriana, na ny harena izay mididtra amy ny Fanjakana, dia sazina ampahatelon'ny harena nafeniny, ary ny harena dia averiny; ka raha tsy mahaverina ny harena nafeniny sy tsy mahaloa ny saziny, dia hatao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andro ambara-pahatapitry ny ankevitry ny saziny sy ny harena nafeniny.

37 Raha misy manafina tongoamihonkon-drazana, dia ny isam-pangady sy ny haren'ny mati-momba sy ny vodihena, dia hatao gadralava roa taona; ary ny fananany dia alaina hamarana tongoamihonkona, ka raha tsy maha-feno ny fananany dia atao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andro amy ny ankevitry izay sisa tsy feno.

38 Raha misy mihinana hasin'Andriana dia atao gadralava roa taona.

## NY AMY NY MPANOMPON'OLONA

39 Ny andevon'ny borozano raha milefa ka azo dia a.2 s.4 no aloan'ny tompony; ary ny any ny miaramila dia a.1 s. 7 no aloany.

40 Ny mpanompo aty Imerina dia tsy azo entina hamidy na hatao varotra havarina any amy ny sisin-tany; fa raha misy manao izany dia alaina ny mpanompo amidiny; ka ny fahatelony any ny mpiampanga, ary androatokony any ny fanjakana.

41 Raha misy maniraka olona mitondra mpanompo hamidy na hatao varotra any an-tsisin-tany, dia sazina a.100; ary izay mety hirahiny kosa, raha tsy milaza izay naniraka azy, fa nandeha ihany, dia sazina omby folo sy a.10; koa raha tsy mahaloa ny sazy, na ny naniraka na ny nirahiny, dia atao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andromandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

42 Ny mpanompo any an-tsisin-tany rahateo kosa, raha azy marina, dia azony amidy any ihany, nefa tsy maintsy soratana amy ny Komandy, fa raha tsy soratana amy Komandy dia halatra olona izany.

43 Ny manafina ny andevon'olona hatramy ny herinandro noho miakatra dia mandoa kirobo isan-andro isan-andevo nafeniny. Koa ny fahadimin'ny sazy dia any ny Fanjakana, ary ny efa-

toko dia any ny tompony. Ary raha tsy mahaloa sazy dia atao an-trano-maizina an-kevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

44 Ny mitondra mpanompon'olona ho any an-indran-tany, na maniraka mpanompon'olona ho any an-indran-tany, ka tsy miera amin'ny tompony, dia mandoa a.2 s.4 isam-bolna isam-panompo nentiny na nirahiny, ka ny fahadimin'ny saziny any ny Fanjakana. Ary raha maty any ny mpanompon'olona, dia mandoa a30 isam-panompo maty izy ho solon'ny an'olona; ka raha tsy mahaloa sazy, sy ny onitry ny andevon'olona izy, dia atao an-trano-maizina an-kevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny sazy, sy ny ankevitry ny a.30 isam-panompo vidin'ny andevon'olona.

45 Ny mpanompo dia tsy azo atao jirika, fa raha misy mpanompo hamidy, dia ny tompony hiany no mahazo mivarotra ny azy; ka raha misy manao jirika olona dia sazina omby folo sy a.10 isan'olona ataony jirika. Ary raha tsy mahaloa sazy dia atao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny hevitry ny sazy tsy voaloany.

46 Ny mpividy mpanompo dia tsy mahazo mividy raha tsy ny hompiana, fa raha misy mividy nefa tsy ompiany, fa hataony varotra, dia sazina omby folo sy a.10, fa jirika olona izany, ka andrao mahavery ny mpanomponareo Ambaniandro. Ary raha tsy mahaloa ny saziny izy, dia hatao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny hevitry ny sazy tsy voalohany.

47 Raha misy hividy mpanompo, dia nanatona hosoratana amy ny Bokim-panjakana ny mpividy sy ny mpivarotra, fa raha tsy voasoratra dia tsy voavidy marina; ary ny mpividy sy ny mpivarotra dia mandoa kirobo avy ho any ny Fanjakana.

48 Raha misy mpanompon'olona miavo-tena, na avotan-kavana, na helefa'ny tompony, ka nanangana ny tompony, na ny zanaky ny tompony, dia zaza tsy azo ariana izy. Ary raha iley zaza kosa no manova ny teny nifanaikena izay nanangananana azy. dia azony ariana hiany.

49 Ny mandefa mpanompo ho Ambaniandro, na ny mpanompo miavo-tena, na avotan-kavana, dia soratana amy ny Bokim-panjakana, ka mandoa sikajy avy ny mandefa sy ny alefa.

## NY AMY FANAMBADIANA

50 Ny mampirafy dia tsy azo atao amy ny Fanjakana, fa raha misy mampirafy dia sazina omby folo sy a.10; ary raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankeviny ny saziny.

51 Ny fanambadiana dia tsy azo terena hampifamofona intsony, raha tsy sitraky ny fon'izy hivady.

52 Ny fanambadiana dia tsy azo terena hoentin-doloha intsony raha tsy sitra-pony.

53 Ny fanambadiana dia tsy fanambadiana marina raha tsy voasoratra amy ny Bokim-panjakana, fa vazo izany.

54 Raha misy harena nomem-bazo, na harena novidina ho azy, na inona na inona, haren-danim-bazo izany, ka tsy azo arahina. Raha manaraka izany dia sazina toraka izay arahiny; ka rha tsy mahaloa dia atao an-trano-maizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

55 Raha maka zanak'olona ho tokatranomaso, kanefa tsy mampakatra azy ho vady, dia sazina a. 50. Ary raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny tsikazy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

56 Ny misao-bady dia tsy azo atao. Kanefa raha misy antony lehibe tokony hisarahany, dia mahazo mitaraina amy ny fanjakana, na ny lahy na ny vavy. Ary raha misy misaraka ka tsy milaza amy ny Fanjakana, dia sazina a. 50; ka ny fahatelony aloan-dravehivay; ka raha misy tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

57 Raha misy mampakatra vadin'olona mbola tsy afaka ho vadiny dia sazina a. 100, ary ny vadin'olona dia averina amy ny vadiny. Ary izay mamoaka azy dia sazina a. 100; ka raha tsy mahaloa dia atao an-trano-maizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny izy nampakatra sy mamoaka.

58 Raha misy maka vadin'olona, dia sazina a. 100, ka ny fahatelony aloan-dravehivavy, ary ny androatokony aloan-dralehilay; ka raha tsy mahaloa sazy dia hatao gadralava hrintaona. Ary raha maka ny vadin'olona lasa any an-tafika, ka maty any an-tafika ny tompom-bady, dia hatao gadralava mandra-pahafatiny izy roroa. Ary ny fananay dia lanina.

59 Andrianteloray dia tsy mahazo mifanambady raha tsy samy izy iray foko; ary raha sendra nisy nifanambady izy talohan'izao Didy izao, ka hitan'ny Fokonolona fa efa nivady marina tokoa, raha maty ralehilay dia mahazo miverina amin'izay foko nihaviany ravehivavy.

60 Raha misy Andrianteloray mankamy ny Tsihibelambana, dia Tsihibelambana izy; ary raha sendra nisy lehilahy nanambady Tsihibelambana talohan'izao Didy izao, ka hitan'ny Fokonolona fa efa nivady marina tokoa, ka raha maty ralehilahy dia miverina amin'izay nihaviany ravehivavy sy ny zanany.

61 Ny Zanandralambo amin' Andrianjaka tsy mahazo manambady foko hafa afa-tsy izy iray foko ihany, fa raha manambady amy ny Tsihibelambana izy dia Tsihibelambana. Ary raha sendra nisy lehilahy nanambady Tsihibelambana talohan'izao Didy izao, ka hitan'ny Fokonolona fa efa nivady marina tokoa, ka raha maty ralehilahy dia miverina amin'izay nihaviany ravehivavy sy ny zanany.

62 Raha misy Andrianteloray nanambady Zanadralambo amin' Andrianjaka, na Zanadralambo amin' Andrianjaka nanambady Andrianteloray, talohan'izao Didy izao, dia tsy azo arahina sy tsy azo atosika.

63 Raha misy manao valabe any Imerina, dia atao an-trano-maizina valo volana ny lehilahy ary efa-bolana ny vehivavy, ary dia heloina koa araka ny didin-drazana izy.

## NY MANALA ZAZA

64 Raha misy bevohoka manala zaza dia hatao an-trano-maizina roa taona.

65 Raha misy karamain'olona hanala zaza dia atao an-trano-maizina roa taona.

66 Raha misy mamono na mikapoka bevohoka, ka mahafa-jaza azy, dia hatao an-trano-maizina herintaona. Ary raha sendra mihetsi-jaza ilay bevohoka novonoiny ka afa-jaza, dia atao an-trano-maizina roa taona izy namono.

## NY AMY NY BOKA SY NY NENDRA

67 Ny boka dia aterina any amy ny tany fitoerany, ka raha misy mifanakaiky trano amy ny boka ka tsy milaza amy ny fanjakana handroahana azy, dia sazina omby iray sy a. 1 ; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny tsikazy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

68 Ny isam-pirenena dia manao trano tsara hatao fitsaboa-nendra araka izay marika omen' ny Fanjakana hanaovana azy, ka raha misy mitahiry nendra hafa ao an-tranony, dia sazina omby dimy sy a. 5. Ary raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny tsikazy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

## NY AMIN'NY MPIVARO-KENA

69 Raha misy mpivaro-kena mivarotra hena misy aretina, na mpivarotra ny zava-manan-aina fihinana ka mivarotra ny manana aretina, dia sazina omby telo sy a. 3 ; ary raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny tsikazy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

70 Raha misy mampijaly zava-manan-aina hohanina dia sazina omby iray sy a. 1 ; ary raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny tsikazy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

71 Ny omby vavy dia tsy azo vonoina hatao jirika, fa raha misy manao izany dia sazina omby iray sy a. 1 ; ary raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny tsikazy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

72 Ny omby dia tsy azo vonoina alina na an-dohasaha, fa raha misy mamono omby alina na an-dohasaha dia sazina omby telo sy a. 3 ; ary raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny tsikazy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

73 Ny zava-manan-aina fihinana matin' aretina dia tsy azo amidy ; raha misy mivarotra dia sazina omby 1 sy a. 1 ; aryraha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny tsikazy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

## NY FAMARANA SY NY FANDANJANA ARY NY FANDREFESANA

74 Raha misy manao vata famarana hafa, fa tsy mitovy amy ny menalefona, izay vata famaran' ny Fanjakana, indrindra ka manao vata roa, famoahana sy fampidirana, dia vakina ny vatany, ary izy sazina omby dimy sy a. 5 ; ka raha tsy mahaloa dia atao gadralava herintaona.

75 Raha misy manao mizana mandainga, na vato tsy marina, fa tsy mitovy amy ny marika omen' ny Fanjakana, dia sazina omby dimy sy a. 5; ary raha tsy mahaloa dia atao gadralava herintaona.

76 Ny mivarotra mizana mandainga, na vato tsy marina, dia sazina omby 5 ; ka raha tsy mahaloa dia atao gadralava herintaona.

77 Ny mitana mizana mandainga, na vato tsy marina, dia sazina omby 5 ; ka raha tsy mahaloa dia atao gadralava herintaona.

78 Ny manao lanja ratsy dia sazina omby dimy sy a. 5 ; ka raha tsy mahaloa dia atao gadralava herintaona.

79 Nyrefy izay eken' ny Fanjakana ho fandrefesana dia fito dia araka ny omen' ny Fanjakana, koa ny mpivarotra sy ny mandrefy zavatra dia manatona ny Fanjakana haka marika izany refy izay eken' ny Fanjakana ho refy marina izany.

FOTOANA

80 Ny Famantaranandro izay eken'ny Fanjakana ho fotoana dia araka ny famantaranandro ao Manjakamiadana.

NY LALAMBE SY NY SAKELI-DALANA

81 Raha misy manampina ny sakeli-dàlana, dia sazina omby dimy sy a. 5 ; ary raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny tsikazy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

82 Raha misy manakely ny làlana, na mamily azy dia sazina omby dimy sy a. 5 ; ary raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny tsikazy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

83 Raha misy manova sakeli-dàlana dia tsy maintsy milaza amy ny Fanjakana izy, hahitana izay mahatsara azy; fa raha manova kanefa tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny tsikazy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

84 Raha misy olona manary fatim-biby, na diky, na zezika amy ny làlana na amy ny tokotanin' olona, na manary zavatra maloto hafa na inona na inona amy ny làlana ana amy ny tokotanin' olona, dia sazina s. 4, ary asaina manadio ny làlana na tokotanin' olona izay nolotoiny. Ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-trano-maizina mandra-pahatapitry ny saziny. Raha misy tsy manadio ny tokotaniny dia sazina s. 1 ary ny tokotaniny dia asaina fafany.

NY MIVARO-TANY NA NY MANOFA

85 Ny tany eto Madagaskara dia tsy azo amidy na atao anto-bola amin'olon-kafa, na amin'iza na amin'iza, afa-tsy ny samy vahoakan'ny Fanjakany Madagaskara; fa raha misy mivarotra na manao antoka amin'olon-kafa, dia atao gadralava mandra-pahafatiny. Ary ny volan'ilay nividy na ilay nanao antoka dia tsy azo arahina, ary ny tany dia miverina ho any ny fanjakana.

86 Na iza na iza mampanofa tany, raha tsy entina ao amy ny Fanjakana ny fanekena izay ataony, hohamarinin' ny Fanjakana sy hotombohina amy ny kasem-panjakana, ary hotànana kope amy ny Bokim-panjakana, dia tsy fanekena marina.

87 Raha tapitra izay fe-taona nifanaikeny, ny zavatra maniry eo sy ny trano dia momba ny tany, ary ny zavatra miraikitra amin'ny trano dia araka izay nifanaikeny hiany.

88 Raha tapitra ny fe-taona nifanaikeny, ka misy mbola te-hifanofa indray, dia tsy maintsy manao fanekena vaovao eo anatrehan' ny Fanjakana araka izany Lalàna izany.

89 Ny hofan-tany dia analana a. 5 isan-jato ho any Fanjakana.

90 Raha misy mampanofa tany mangina, fa tsy manao araky ny voalaza amy ny Lalàna 86, dia atao gadralava roapolo taona ilay nampanofa ; ary ny vola hofany efa voaray dia any amy Fanjakana, ary ny fanekena dia foana.

91 Ny ala be sy ny tany foana rehetra dia any ny Fanjakana koa tsy misy mahazo mampanofa azy, na mivarotra azy, na iza na iza, raha tsy eken' ny Fanjakana; fa raha misy manao izany, dia atao gadralava roapolo taona.

## NY MPAMPANOFA TRANO

92 Raha misy olona mampanofa trano, dia tsy maintsy manatona ny Mpanao Fanjakana ny mpampanofa sy mpanofa, hohamarinina amy ny Mpanao Fanjakana izay nifanaikeny.

93 Ny hofan-trano dia analana s.1 isan' ariary isam-bolana ho any ny Fanjakana.

94 Raha misy mpanofa trano na tany manao zavatra raran'ny lalàm-panjakana tsy hatao ao amy ny trano na tany izay nohofany, dia azo esorina izy, na dia mbola tsy tapitra aza ny fotoan' andro nifanaikeny.

95 Raha misy manofa mangina dia tsy fanofana marina, fa izay manao izany dia lany maina ny vola nahofany. Ary ny mpampanofa dia sazina omby folo sy a. 10; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

96 Raha misy mampanofa trano, ka tsy voalazany mazava tsara ao amy ny fanekena izay ifanarahany, raha sendra may ao amy ny mpanofa ny trano, ny mpanofa dia handoa karama mandra-pahatapitry ny ankevitr' andro nifanekeny amin' ilay trano may teo.

97 Raha misy mampanofa trano, ka tsy voalazany mazava tsara ao amy ny fanekena izay ifanarahany, raha sendra simba ny trano, dia tsy azon' ny tompon-trano terena hamboatra izay simba ny mpanofa.

98 Rehefa voalaza ao amy ny fanekena fa ny tompo-trano hiant no hamboatra ny simba, ka tsy manao izy, dia mahazo manamnoatra izay simba ny mpanofa, ka andatsahana amy ny karaman-trano izay lany nanamboarana azy.

99 Ny mpanofa trano, raha hatramin'ny a. 10 noho miakatra no hofan'ny trano itoerany, dia tsy mahazo miala raha tsy milaza telo volana alohan'ny hialany amy ny tompo-trano izy; ary ny tompon-trano koa dia tsy mahazo manesotra azy, raha tsy efa milaza aminy telo volana alohan' ny hanesorana azy.

100 Raha misy mpanofa trano na tany tsy mandoa ny karaman-trano' olona, na ny hofan-tany, dia aftra amy ny fananany ny volan' olona. Ka raha tsy mahafeno ny fananany dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny karaman-trano na ny hofa-tanin' olona.

## NY AM'NY ALA

101 Ny ala dia tsy azo dorana, fa raha misy mandoro ala dia atao gadralava folotaona.

102 Ny mpandoro arina sy ny mpandazo volotsangana dia tsy mahazo mandoro na mandazo any an' ala, fa eny an-kay no manao ; fa raha misy manao izany any an'ala na any akaikin' ny ala dia sazina omby telo sy a. 3 ; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny saziny.

103 Ny mpandoro arina dia tsy mahazo mijinja ny hazo vaventy hatao arina, fa raha misy manao izany dia sazina omby iray sy a. 1 isan-kazo notaphiny ; ary raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny saziny.

104 Any an' ala dia tsy azo anaovan-trano raha tsy eken' ny Fanjakana, fa raha misy manao trano henenana any an' ala dia sazina omby folo sy a. 10, ary ny trano nataony dia ravana, ary ny hazo izay novonoiny dia andoavany omby iray sy a. 1 isan-kazo ; ka raha tsy mahaloa izao sazy izao izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny sazy tsy voaloany.

105 Ny ala dia tsy azo tevezina hambolem-bary, na kakatsaka, na voly hafa, na inona na inona, fa ny efa voatevy teo aloha no ambolena ; fa raha misy mitevy ny ala velona intsony, na manitatra ny efa voatevy, dia atao gadralava dimy taona.

106 Ny ala any amoron-tsiraka dia tsy azo kapaina na simbasimbana foana, raha tsy misy asain' ny Fanjakana atao aminy, fa raha misy manimbasimba azy foana dia sazina omby folo sy a. 10. Ary raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny saziny.

## NY AMIN'AMBANIANDRO

107 Ny Ambaniandro tsy mba very intsony.

108 Ny zaza teraka dia lazaina amy ny Fanjakana ao anatin' ny herinandro nahaterahany, hosoratana amy ny Bokim-panjakana ny andro nahaterahany, sy ny anaran' ny rainy aman-dreniny, sy ny fonenany ; fa raha tsy manoratra izany ny rainy aman-dreniny dia sazina omby iray sy a. 1. Koa raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny. Ary ny rainy man-dreniny dia mandoa a. 3 amy ny zaza teraka ho any ny Fanjakana.

109 Ny maty dia lazaina amy ny Fanjakana ao anatin' ny herinandro nahafatesany, hosoranatana amy ny Bokim-panjakana. Raha tsy milaza ny maty hianao dia sazina omby iray sy a. 1. ary ny maty dia soratana. Koa raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny. Ary mandoa a. 3 ny manana ny maty ho any ny Fanjakana amy ny fanoratana azy.

110 Ny ray aman-dreny mahantra sy efa antitra, ka tsy mahavita asa sy tsy mahavelon-tena intsony, dia tsy maintsy velomin' ny zanany amy ny hanin-kohanina sy ny fitafiany. Fa raha misy zanaka tsy mahavita izany, dia alian'ny Fanjakana ny fananany hamelomana ny rainy aman-dreniny.

111 Ny ray aman-dreny tsy maintsy mamelona tsara ny zanany izay tsy an-drano reny mahantra amy ny hanin-kohanina sy ny fitafiany. Fa raha tsy mamelona ny zaza tsy an-drano reny izy, dia alain'ny Fanjakana ny fananany hamelomany ny zaza tsy an-drano reny mahantra.

112 Raha misy olona mahantra maty, na vahiny na tompon-tany, ka tsy misy handevina, dia ny fokonolona mifanakaiky toerana aminy no mandevina azy.

113 Ny manando-drazana dia sazina omby folo sy a. 10 ka raha tsy mahaloa dia atao an-trano-maizina ankevitry ny kirobo isan-andro mamdra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

114 Ny manandoka olom-potsy ho andevo dia sazina omby folo sy a. 10 isan' olona nosandohany; ka raha tsy mahaloa dia atao an-trano-maizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

115 Ny mpanompo manandoka ho Ambaniandro dia omena ny tompony.

116 Raha misy raharaham-panjakana atao, ka misy mihazona ny Borozano; raha Andriana mitoetra amim-bodivona no mihazona, dia esorina ho Menabe ny Menakeliny; ary raha Mpifehy, dia sazina omby 5 sy a. 5, ary esorina tsy ho Mpifehy intsony. Ary raha ny Borozano kosa no manatona ny raharahany, dia alaina ary sazina omby iray sy a. 1. Raha misy amin'ireo tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

117 Raha misy Miaramila manao azy ho Borozano, na Borozano manao azy ho Miaramila, dia sazina omby folo sy a. 10; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

118 Raha misy maka ny Borozano ho Miaramila raha tsy tenin' Andriana, na ny manome na ny maka dia sazina omby folo sy a. 10 avy; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitryny saziny.

119 Raha misy Lehibe mifehy, ka misy raharaham-panjakana hatao, ka ny ka ny manome vola azy sy izay tiany tsy mba ampanaovany hitovian'ny olona, dia atao an-tranomaizina iray volana ilay Mpifehy; ary izay vola nomeny azy dia alaina ho any ny Fanjakana, ka raha tsy manome izy dia atao an-tranomaizina ankeviny ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny vola tsy omeny.

120 Ny Lehibe rehetra amy ny Fanjakana, na ny Havan'ny Mpanjaka, na ny Fotsy na ny Mainty, ka raha maka zavatr'olona tsy foin' ny tompony, na mampandoa harena azy, dia atao an-tranomaizina telo volana; ary ny zavatr' olona nalainy dia averiny, ka raha tsy mahaverina izy dia afatra amy ny fananany rehetra ny zavtr' olona, ary raha tsy ampy ny fananany dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro izy mamdra-pahatapitry ny ankevitry ny tsy feno.

121 Ny Andriana mitoetra amim-bodivona raha homana ny fananan' olona maina sy ratsy fitondra vahoaka, dia miala amy ny vodivona itoerany, ary ny Menakeliny atao Menabe.

122 Ny Menakely tsy atao anto-bolan' olona, ary tsy azo amidy, fa raha misy manao izany dia atao Menabe ny Menakeliny nataony antoka na namidiny, ary ny mividy very harena, fa alaina ho any ny Fanjakana ny vola namidiny.

123 Ny Menakely tsy azon'ny tompo-menakely ananganan-jaza, na atolotra izay tsy iray fanjakana aminy, fa raha tsy milaza amy ny Fanjakana aloha ka ekeny. Fa raha misy manangana na manolotra mangina, dia atao Menabe ny Menakely anangananany na natolony.

124 Ny Andriana tompo-menakely dia tsy mahazo mampandoa vola ny vahoaka na hanao inona na hanao inona, raha tsy milaza amy ny Fanjakana aloha; fa raha misy mampandoa mangina na mandray mangina, nefa tsy mbola nilaza tamin'ny Fanjakana, dia esorina amy ny Menakeliny, ary ny anjarany dia atao Menabe.

125 Raha misy tompo-menakely maty, dia tsy mahazo mampandoa vola ny Menakely aloha ny havany na olon-kafa, raha tsy milaza amy ny Fanjakana handidiany izay haloan'ny Menakely; fa raha misy mampandoa nefa tsy mbola nilaza tamy ny Fanjakana raha Andriana mitoetra amim-bodivona dia atao Menabe ny Menakeliny; ary raha Folovohitra dia sazina omby folo sy a. 10 isa-olona; ary raha Mpifehy dia sazina omby folo sy a. 10 sy tsy atao mpifehy; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizaina ankevitry ny sikajy isan-andro avy mandra-pahatapitry ny saziny.

126 Ny Menakely izay ampandoavin' ny tompo-menakely vola mangina, ka tsy milaza amy ny Fanjakana,dia sazina kirobo isan-olona izay mandoa, ka izay tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina indroa andro avy.

127 Na iza lehibe Mpifehy, na iza Zanak' Andriana, na iza Andriana mitoetra ambodivona, na iza na iza, ka mividy zavatr' olona ka tsy foin' ny tompony hamidy ny azy, ka anaovana an-dolompo, ka ny zavatra tsy foiny iny no ikendreny azy amy ny zavatra hafa hanameloka azy, fa tsy aoka ny heloka ataony no hahameloka azy, raha misy manao izany, dia sazina omby folo sy a. 10; ka raha tsy manao izany, dia sazina omby folo sy a. 10; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny saziny.

## NY FANANAN'OLONA

128 Ny Tamboho misy fasana dia tsy azo amidy, na samy zanany aza, fa izay tsy mivarotra no tompony; ary raha izy tompony manao azy dia mahazo mivarotra ihany raha tiany.

129 Ny amy ny trano may, raha hatramy ny trano dimy noho miakatra no ao an-tanàna, dia mandoa a. 3 tsy misy fifonana ho any ny Mpanjaka, ary mandoa sakan' omby iray hamafana ny tokotany ilay tompon' ny trano may voalohany.

130 Ny omby mitondraka amy ny zavatr' olona dia s. 2 e. 6 isan-omby no aloan' ny tompony; ary ny kisoa e. 3; ny ondry na osy e. 15; ny vorona na akoho v. 5; ka ny androatokony any ny tompon-javatra, ary ny ampahatelony any ny Fanjakana. Ary raha misy mamono ny zavatr' olona, na ny tompom-boly na olon-kafa, dia manolo; ka raha tsy mahasolo izy, di atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro amy ny tomba-javatra novonoiny.

131 Raha mampiditra ny ombinao ao amy ny kijanan' ombin' olona hianao, ka tsy miera amy ny tompony, fa ny mpiandry no angolenao sy karamainao, indrindra ka anaovanao ankeriny, koa raran' ny tompony hianao ka tsy mety ary tsy esorinao ny ombinao, dia mandoa a. 1 isan-omby nampidirinao hianao; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizaina ankevitry ny sikajy isan-andro avy mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

132 Raha misy mpivarotra, na tsy mpivarotra, ka misoko na mividy na manakalo ny ombin' olona amy ny mpiandry, dia sazina omby iray sy a. 1 isan' omby novidiny na natakalozany, ary ny ombin' olona dia averina amy ny tompony, ary ny takalony dia lany maina; ka raha tsy mahaverina dia atao an-tranomaizaina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny vidin' ombin' olona natakalozany sy ny saziny.

133 Raha mivarotra lambamena hianao, ka lazainao hoe landy, kanefa tsy landy akory, na landy hiany fa mifahana zavatra hafa, ka lazainao ho landy avokoa, dia sazina omby iray sy a. 1 hianao, fa mamitaka olona, ary ny volan'olona dia averina; ka raha tsy mahaloa sazy sy tsy mahaverina ny volan' olona dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny sazy sy ny volan' olona. Kanefa kosa raha lazainao hiany fa tsy landy avokoa tsy akory ny lamba amidinao, dia tsy mahameloka anao izany.

## NY AMIN'NY MELOKA

134 Ny gadralava, sy ny olona ao an-trano-maizina, sy ny mpifatotra na olona ambenana hotsaraina, dia tsy maintsy omen-kanina isam-potoana, ary raha tsy manan-kavana hanome hanina azy izy dia homen'ny Fanjakana. Ary raha tsy mahatandrina tsara ny fotoana fanomezan-kanina azy ny mpitandrina ny gadralava sy ny tranomaizina ary ny mpiambina ny olona hotsaraina, dia sazina omby iray sy a. 1; ary raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

135 Ny gadralava sy ny meloka ao an-tranomaizina dia tsy maintsy vahana sy alefa amy ny fetr' androny, ka raha tsy mahatandrina tsara izany ny mpitandrina ny fetr' androny, ka misy diso andro sy tsy voahaha sy tsy voalefa, dia sazina omby iray sy a. 1 isan-andro diso tsy namahany azy na tsy nandefasany azy ny mpitandrina azy; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

136 Raha misy mamaha gadra, na manova ny gadran' izay efa nigadra amy ny Lalàn' ny Fanjakana, kanefa tsy tenin' ny Fanjakana, ilay mamaha dia sazina omby dimy sy a. 5, ary gadrana torak' ilay novahany; ka raha tsy mahaloa sazy, na dia tapitra aza ny fe-taona dia mbola mogadra ankevitry ny sikajy isan-andro ihany mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny; ary ilay novahana dia ampiana avo sasaka ny fe-taona igadrany.

137 Raha misy gadralava na olona an-tranomaizina, ka afa-nandositra, dia ny mpiambina izay niambina azy no gadrana toy ny fetra igadran' ilay nandositra; kanefa raha hita ilay nandositra dia afaka izy.

138 Raha misy olona mitondra olona hotsaraina, na miambina olona hotsaraina ka afa-mandositra eo an-tànana' ny mpiambina ilay olona ambenana, dia sazina omby folo sy a. 10 ilay mpiambina; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina telo volana.

139 Raha misy olona meloka amy ny Fanjakana, ka mandositra, ka manafina azy, dia sazina omby folo sy a. 10 ilay nananfina; ary raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

140 Raha misy olona meloka amy ny Fanjakana, ka alain' ny Mpitsara na anirahany olona hisambotra azy, ka misy olona misakantsakana ny fanalany azy, na manao hevitra tsy hitondrana azy amy ny mpitsara, dia sazina omby folo sy a. 10; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

141 Raha misy olona meloka amy ny Fanjakana, ka aterina any an-tany lavitra, ka miala amin'izay tany nametrahana azy, nefa mbola tsy tapitra ny fotoana, na tsy mbola voavela ny helony, dia atao an-tranomaizina mandra-pahafatiny ao amin'ilay tany nametrahana azy izy; ary raha tsy hitany izy, ny mpiambina azy ihany no misolo ny helony.

142 Ny mpifatotra dia tsy endahim-pitafiana, ary tsy atao madilana amy ny fatorana ny tenany, fa atao izay hahatanana azy tsara, fa raha misy manao izany dia sazina omby iray sy a. 1 ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

## NY MAMPITABATABA NY VAHOAKA

143 Raha misy manao tsaho hampitahotra olona foana, ka milaza izany ho zavatra marina ataon'ny Fanjakana, nefa tsaho ihany, dia sazina omby folo sy a. 10 ilay nanao tsaho; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

144 Ny manendrikekika teny ratsy tsy ataon' olona amy ny Fanjakana dia atao an-tranomaizina iray volana.

145 Raha misy manoratra taratasy na manoratra boky na manao gazety izay tokony hahatonga fikomiana na tabataba na milaza ratsy ny Fanjkana amy ny zavatra tsy ataony, dia sazina a. 100 sy mandoa vola a. 20 vidin-doha; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

146 Raha misy olona manoratra teny vetaveta na manao porinty azy ka mampiely azy amy ny olona, na manao sary misy zavatra vetaveta, dia atao an-tranomaizina telo volana.

147 Raha misy mivorivory foana mihevitra hampikorontam-panjakana, na hampitabataba vahoaka, dia sazina omby folo sy a. 10 isan' olona; ka izay tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny saziny.

148 Raha misy manoratra na manao gazety, ka manala-baraka olona amy ny zavatra tsy nataony, dia sazina omby folo sy a. 10 ; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

## LALANA SAMIHAFA

149 Raha misy olona ratsy fanahy mamely anao toy ny misakan-dàlana, na manami-trano, ets. . ka miaro tena amin'Izany hianao, dia tsy mahadiso anao izany na dia mahavoa azy aza hianao.

150 Raha misy mandoto ny loharano fantsakana dia atao an-tranomaizina telo volana.

151 Raha misy mampandeha kalesy, na mitaingin-tsoavaly, na mitari-tsoavaly, na atao rarangy, ka mampiriotra na mampihazakazaka azy mafy, ka maharatra olona, dia sazina omby iray sy a. 1; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny. Ary raha mpilanja no tsy azo raràna tsy hihazakazaka ka mandratra olona, dia atao an-tranomaizina valo andro. Ary rehefa ilazana kosa hianao ka tsy mivily, na dia maratra aza, dia tsy tsininy izany.

152 Raha misy olona mpanompon'olona mikarama amin'olona, na hanatitra azy amin'izay alehany, na hitondra zavatra, ka tsy manatanteraka araka ny nifanekena, nefa tsy voasakana aretina, dia atao an-tranomaizina iray volana sy very karama; ary raha mahavery zavatr'olona dia atao gadralava roa taona. Ary raha mahatanteraka tsara hiany ny mpikarama, ka nony efa madiva ho tonga ny entana, na efa ho tapitra ny andro nifanekena, na efa ho vita ny raharaha nanakaramanao azy, ka anaovano ditra na ilanao vaniny tadiavinao tsy hanomezanao ny karamany, dia tsy very karama amin'izay andro nanaovany izy.

153 Raha misy taratasy misy didim-pananan'olona, na taratasy faneken'olona, ka misy antony ilàn'ny Fanjakana izany, ka tsy omenao, dia sazina omby folo sy a. 10; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

154 Raha misy mitahiry taratasy sandoka, fa tsy milaza izany amy ny Fanjakana, dia sazina omby folo sy a. 10 ; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

155 Raha misy zaza adala, ka hanao famaizana azy amim-patorana ny ray aman-dreniny, na ny havany akaiky indrindra, dia mahazo manao izany izy, kanefa mba mampandre ny Fanjakana.

156 Ny zazakely hatramy ny folo taona noho midina dia tsy mba isan'izay helohina amy ny Fanjakana, satria mbola tsy ampy saina izy.

157 Raha mamaky taratasin'olona, kanefa tsy asain'ny tompony mamaky dia sazina omby folo sy a. 10 ; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

158 Raha misy mpandika teny minia manova ny hevitry ny teny adikany, na mahalala fa tsy marina izay andikany azy kanefa ataony ihany, dia sazina omby folo sy a. 10 ; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

159 Raha misy mitondra zavatr'olona hamidy, na mividy zavatr'olona na atoany hovidin'iza, na ataony ho entina amin'iza, kanefa ny vola vidin'ny zavatr'olona tsy omeny, ary ny zavatra tsy averiny amy ny tompony, dia atao gadralava herintaona ; ary ny vidin-javatr' olona, na ny zavatr'olona, dia omena ny tompony; ka raha tsy manome dia ampitomboina ho roa taona ny fe-taona igadrany.

## NY AMY NY VOLA

160 Ny vola, na ngita, na tanamasoandro, na tsanganolona, na tokazo, na malamakely, na behatoka, na tombotsisina, dia atao mitovy ny fandraisana azy, na ny fanakalozan'azy, raha samy tsara ; fa raha mihena ny sandany dia miara-mihena, ary raha misondrotra dia miara-misondrotra, ka raha misy tsy manao araka izany dia sazina omby iray sy a. 1 ; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

161 Raha misy olona mampanàna vola, dia e. 1,5 isan-ariary no zanany, ary s. 1 e. 6 isam-polo, a. 2 isan-jato isam-bolana, ka dia soratana tsara amy ny Fanjakana ny fanekeny, ary ny zana-bola dia analana faha-12 ho any ny Fanjakana ; koa raha misy mifanàna vola mihoatra noho izao, ny vola ampananainy dia alaina ho any ny Fanjakana, ary ilay nanàna dia sazina omby dimy sy a. 5 ; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny s. 4 isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny sazy. Ary ny vola nampananainy talohan'ity Didy ity, dia ampanarahina izao koa ny zanany, ka raha misy maka mihoatra ka manao hoe: Talohan'ny Kabarin' Andriana ny
anay, na izao no efa nifanekenay voasoratra amy ny Sakaizam-bohitra, fa tsy atao araka izao efa voadidiko izao ny zana-bola alaina, dia very ny volany.

162 Raha misy minia mitana vola ratsy,na mitady hampiely izany amy ny olona, dia sazina omby folo sy a, 10, sy atao gadralava roa taona ; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao efa-taona ny fe-taona igadrany ; ary ny vola ratsy rehetra dia aterina ao Avara-drova hovelezina sy hariana.

## NY AMY NY ANTILY

163 Ny Antily dia mahazo misambotra ny olona izay mirenireny foana tsy misy antony, na mpangalatra malaza rahateo, na mpanami-trano, na mpitoroka, na mpanao be hariva, na izay tompon-trano manao ny tranony ho fandriandompy.

164 Raha misy olona mampitabataba eny an-dàlambe, ne eny an-tsena, na ny olona izay efa voampanga ho diso, na olona iazy hahitana zavatra very, na nangalarina, na olona izay misakana ny Antily tsy hahatanteraka ny raharahany, dia azon'ny Antily samborina izy.

165 Raha misy trano ahiahiana hieren'olona mandika ny Lalàna, na anaovan-javatra raran'ny Lalàna, na misy zavatra nangalarina na very mipetraka ao, dia azon' ny Antily idirana rehefa milaza aloha amy ny tompon-trano izy. Kanefa kosa ny Antily dia tsy mahazo maka ny zavatr' olona, na inona na inona, fa raha misy Antily manao izany, na manao zavatra hafa afa-tsy ny teny azony, dia atao gadralava roa taona.

166 Ny Antily dia mahazo mandrara izay olona miangonangona foana, ka rehefa rarany ka mbola miangona ihany dia mahazo misambotra azy ny Antily.

167 Raha misy olona mampitabataba ny Fanjakana, ny Miaramila dia mahazo misambotra azy.

168 Raha misy mapitabataba manao ratsy amy ny fivoriana momba ny fivavahana ao ampiangonana, dia atao an-tranomaizina enim-bolana.

169 Ny fokon'olona, raha mahita olona mandiso ny Lalàn'ny Fanjakana, dia mahazo misambotra azy, ka manatitra azy any amy ny Antily ; ka raha misy Fokon'olona mahita ka tsy misambotra dia sazina omby dimy sy a. 5 ; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny saziny.

170 Raha misy Miaramila vakin-kabary, dia ampandrenesina ny ambaratonga vao azo alaina izy; ka raha maka foana ny Miaramila ka tsy mampandre ny Mpifehy, dia sazina omby iray sy a. 1 ; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny saziny.

171 Raha misy Miaramila manao ratsy ka azo ambody omby, dia azo samborina izy, ka aterina ao amy ny Antily, ary ampandrenesina ny Mpifehy azy; ka raha tsy mitondra sy tsy mampandre ny Mpifehy dia sazina omby iray sy a. 1 ; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny saziny.

172 Raha misy olona azo mandika Lalàna, na eny an-tsena, na aiza na aiza, dia tsy azo vonoina, fa entina mankamy ny fitsarana hotsaraina; fa raha misy mamono azy dia sazina omby iray sy a. 1; ary izay nitarika hamono maty ilay novonoina dia atao gadralava mandram-pahafatiny. Fa raha tsy maty dia sazina omby dimy sy a. 5 ; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny saziny.

173 Raha misy Antily azon-tambim-bola aman-karena, na manao aman-tahotr'olona, na amim-pitiavan'olona, na an-kenamaso, ka tsy misambotra ny olona izay fantatra ho ratsy, na mandefa ny olona efa azony, na ny efa natolotra azy, dia sazina omby folo sy a. 10 ; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny saziny.

## NY AMY NY FANAFODY

174 Tsy misy mahazo mivarotra fanafody raha tsy efa milaza amy ny Fanjakana, ka omeny taratasy voatomboky ny Kasen'ny Fanjakana. Ary raha misy mivarotra ka tsy manana izany taratasy famelana izany dia sazina omby dimy sy a. 5 ; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny saziny.

175 Tsy misy mahazo mitahiry fanafody poizina (ody mahafaty) afa-tsy izay efa nahazo taratasy famelana avy amy ny Fanjakana. Ka raha misy mitahiry, nefa tsy nahazo taratasy famelana, dia sazina omby dimy sy a. 5 ; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny saziny.

176 Izay hivarotra fanafody, ka mitady handray izany kase izany, dia tsy maintsy adinina amy ny anaram-panafody, sy ny fangaroana azy, ary ny lanjany sy ny fatrany, mbamy ny zavatra sasany momba azy, ka raha tsy mahalala izany, dia tsy omen'ny Fanjakana taratsy femelana.

177 Ny Fanjakana dia mahazo maniraka olona, na andro na alina, izay mahalala tsara hizaha izay toetry ny fanafody amidiny, na tsara na ratsy, fandrao manimba anareo Vahoaka.

178 Tsy misy mahazo mividy poizina (ody mahafaty) raha tsy mitondra taratasim-panafody avy amy ny Dokotera izaymampividy azy izany fanafody izany.

179 Raha misy olona mivarotra fanafody poizina, na dia efa nahazo taratasy famelana avy amy ny Fanjakana aza, ka tsy manoratra tsara amy ny boky fivarotany ny habetsahan'izay namidiny, sy ny anaran'ny mpivIdy, sy ny fonenan'izay nividy, ary ny andro nividianany azy, eo anatrehan'ny vavolombelona, dia sazina omby folo sy a. 10
ilay mpivarotra; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny saziny.

180 Raha misy tavoahangy foana misy soratra milaza anaram-panafody, ka misy manisy fanafody hafa ao anatiny, fa tsy araka ny anaram-panafody eo amy ny taratasy, na mivarotra izany, na manome olona amin'izany, dia sazina omby dimy sy a. 5 ; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny saziny.

181 Ny popy (fanaovana opium) dia tsy azo ambolena amy ny tany Madagaskara, fa raha misy mamboly izany dia sazina a. 100, ary ny popy namboleny dia vonoina; ary raha tsy mahaloa sazy dia atao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny saziny.

## NY MPANAO RAHARAHAM-PANJAKANA

182 Ny Mpanao Raharaham-panjakana rehetra tsy maintsy manoratra ny raharam-panjakana izay vitany, sy mitahiry tsara ny boky; ary tsy maintsy mitandrina tsara ny boky tsy hisy tentina, fa izay soratra natentina dia tsy izy. Ary raha tsy mahatandrina izany izy, dia sazina a. 100 isan'olona manao izany; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

183 Ny Mpanao Raharaham-panjakana rehetra raha tsy manatanteraka ny voalaza',y Lalàm-panjakana hatao dia sazina a. 100 ; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

184 Raha misy Mpanao Raharaha-panjakana, na olona hafa, mahita olona izay mikasa handika ny Lalànan'ny Fanjakana, ka mody tsy mahita, na manome hevitra azy hanao izany, fa tsy mandrara azy tsy hanao izany fikasana izany, dia sazina omby dimy sy a. 5 ; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

185 Raha misy mamely ny Mpanao Raharaham-panjakana, na mamono ny iraka izay irahin'ny Mpanao Raharaham-panjakana mankany aminy, dia atao gadralava herintaona.

186 Raha misy Mpanao Raharaha-panjakana maka na manaiky handray zavatra na inona na inona avy amin' olona manan-teny na manan ady ho any ny tenany na ho any ny hafa-tsy izay omen'ny Fanjakana azy, dia sazina a. 100 avy, na izy mandray, na izy manome, ary ny zavatra nomeny azy dia alaina ho any ny Fanjakana; ary raha tsy mahaloa ny sazy sy ny zavatra nomeny azy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny sazy sy ny zavatr' olona nalainy.

187 Ny Kasen'ny Fanjakana dia tsy azon'ny Mpanao Raharaha isan-tokony izay mitana azy hanombohana taratasy hafa afa-tsy ny tarataim-panjakana ihany; fa raha misy manao izany dia sazina a. 100 isan'olona; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny kirobo isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

188 Raha misy olona manandoka manao azy ho Mpanao Raharam-panjakana, kenefa tsy izy akory, sady maka zavatra amin'olona, dia sazina omby folo sy a. 10, ary ny zavatr'olona nalainy, dia averina; ka raha tsy mahaloa sazy, sy tsy mahaverina ny zavatr'olona nalainy,

dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny sy ny zavatr'olona nalainy.

## LALANA AMY NY ADY SY NY FITSARANA

## NY AMY NY MPITSARA

189 Ny Mpitsara dia tsy mahazo mitsara afa-tsy amy ny fitoerana voatendrin'ny Fanjakana hitsarany; fa raha mitsara my ny fitoerana tsy voatendry hitsarana izy, dia sazina a. 100 isan-olona; ka raha tsy mahaloa izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny kirobo isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

190 Ny Mpitsara dia tsy mahazo mandray ny tenin'ny mpiady, na ny tenin'ny vavolombelona na ny taratasy izay ampitondrainy, raha tsy eo amy ny fitoerana voatendrin'ny Fanjakana hitsarana, fa raha mandray ny teniny amy ny fitoerana hafa izy, dia sazina a. 100 isan-olona manao izany; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny kirobo isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

191 Ny mpiady, na ny vavolombelona, na ny olona irahiny, raha mijoko mangina mankany amy ny Mpitsara, na mampitondra taratasy, fa tsy miandry ho eo amy ny fitoerana voatendrin'ny Fanjakana hitsarana, dia sazina a. 100 isan-olona manao izany; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny kirobo isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

192 Ny fitoerana voatendrin'ny Fanjakana hitsarana dia tsy azon'olon-kafa idirana afa-tsy ny Mpitsara, sy ny mpiady, sy ny havan'ny mpiady hatramy ny dimy an-kilany avy, sy ny vavolombelona, ary ny mpisolo vava izay eken'ny Mpitsara hisolo vava ny mpiady; fa raha misy olon-kafa miditra ao dia sazina omby 5 sy a. 5 isa-olona ny Mpitsara izay mamela azy hiditra; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny kirobo isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

193 Izay manaraka fananana amin'olona, na trosa, ka hotsaraina amy ny Fanjakana, dia anontaniana ny fananany arahiny izy aloha, na mpanompo, na omby, na tany, na trano, ets. ; koa rehefa voalazany ny fananana arahiny dia ampandoavina izao vola izao izy aloha vao mahazo miady:

a. s. e.

0 2 6 Isa-panompo
0 0 3 Isan'omby
0 0 1,5 Isan-ariary, raha vola
0 0 3 Isan-ketra

194 Ary raha tany vidina, na trano, na lohombin-tany, dia refesina tsara sy tombanana, ka andoavany e.1,5 isan-ariary araka izay tombany; ka raha mahery izy, dia oneran'ilay resy ambonin'ny sazy ataon'ny Fanjakana azy ireo vola nalaina tamin'y ireo; ka raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ankevitry ny kirobo isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

195 Raha misy manaraka fananana amin'olona, raha vao mitory amy ny Mpitsara izy dia hosoratana amy ny taratasy ny isam-pananana arahiny, ka hotombohina ny Kasen'ny

Fanjakana; ka raha mitsara afa-tsy ny zavatra arahiny voasoratra amin'io taratasy voatomboka io ny Mpitsara dia sazina omby folo sy a. 10 isan-olona manao izany; ka raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny kirobo isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

196 Rehefa mifandahatra ny mpiady, ka efa voasoratra amy ny taratasy ny teniny, ary voatomboka amy ny Kasem-panjakana ho entina hotsaraina, dia omena iray avy mitovy fiteny aminy koa ny mpiady, ka raha manova ny teny amy ny taratasy mitovy amy ny kope nomena ny mpiady ny Mpitsara, fa tsy araka iny no itsarany azy, dia sazina a. 100 isan-olona izay Mpitsara manao izany; ka raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny kirobo isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

197 Rehefa voatomboka ny taratasy misy ny tenin'ny mpiady ka lasa a. 1 s. 2, vao manampy teny indray ny mpiady, dia tsy raisina intsony ny teny anampiny; fa raha mandray ny teny vao anampiny ny Mpitsara dia sazina omby telo sy a. 3 isan-olona izay mandray; ka raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny kirobo isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

198 Rehefa voatsara ny tenin'ny mpiady, dia omena taratasy voatomboka amy ny Kasen'ny Fanjakana mitovy fiteny amy ny nahavitany ny mpiady roa tonta, na ny mahery na ny resy. Ka raha tsy manome izany ny Mpitsara, dia sazina omby telo sy a. 3isan-olona; ka raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny kirobo isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

199 Ireo Mpitsara ireo, raha mbola tsy mivoaka ny didy, ka misy milaza amy ny hafa alohan'ny ivoahan'ny didy, dia atao an-tranomaizina folo andro na handoa a. 10 isan-andro amy ny folo andro.

200 Raha misy zavatra adinina amy ny mpiady, dia hosoratana amy ny taratasy ny fanadinana hatao, ka hotombohina amy ny Kasen'ny Fanjakana, ka raha ilay irahina hanadina no manova ny teny entina manadina, na ny avalin'ny mpiady, dia sazina omby folo sy a. 100 isan-olona izay manao izany; ka raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny kirobo isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

201 Ny raharaha vitan'ny Mpitsara dia hosoratana amy ny Bokim-panjakana, ary ny Mpitsara izay nanao azy dia samy hanao ny soniany eo ambanin'ny raharaha vitany; koa raha misy fanontaniana ka miala ho tsy nahita izany ny Mpitsara, dia izahana ny boky, ka raha ao ihany ny soniany ka miala ho tsy nahita izy, dia sazina omby folo sy a. 10 isan-olona manao izany; ka raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny kirobo isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

202 Ny Mpitsara dia hanafaingana ny hahavitan'ny adin'ny olona araka ny azo atao, fa raha misy Mpitsara miolakolaka fa tsy manao faingana araka izay azony atao dia sazina omby folo sy a. 10 isan-olona manao izany; ka raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

203 Raha misy raharaha manahirana ny Mpitsara amy ny fitsarana, dia mahazo maka olona hafa hanampy azy izy rehefa milaza amin-dRainilaiarivony, Prime Minister sy Commander-in-Chief; kanefa raha raharaha tokony ho efany ihany, fa henamaso, na fitiavana ho afa-tsiny amy ny olona tsaraina, no itadiavany olona hanampy azy, dia sazina a. 100 isan-olon manao izany izy; ka raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny kirobo isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

204 Ny iraky ny Mpitsara izay irahiny hamaky olona, na haka ny fananana naharesy ny mpiady, dia tsy maintsy ampitondrain'ny Mpitsara taratasy misy Kasen'ny Fanjakana milaza ny raharaha alehany izy. Ka raha manova ny teny amy ny taratasy misy ny Kasen'ny

Fanjakana izay omen'ny Mpitsara ho entiny izy, indrindra ka aon-tambitamby, dia sazina omby folo sy a. 10 isan-olona manao izany; ka raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny kirobo isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

205 Raha misy Mpitsara manoratra ny teny vita amy ny bokim-panjakana na ny tenin'ny olona hotsaraina, na manoratra ny faneken'ny olona amy my Bokim-panjakana, ka manampy na manaisotra ny tenin'ny olona, mba handresena na hanamarinana ny iray, dia sazina ar. 100, ary hamarinina ny taratasy nataony; ka raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-trano-maizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

206 Raha misy Mpitsara izay mandika ny lalàna mba hanafaka ny olona, na hanamaivana ny helony, dia atao gadralava roa taona.

207 Raha misy Mpitsara manameloka olona atao ao an-tranomaizina foana, kanefa fantatra marina fa tsy meloka ilay olona nataony ao, fa hampidiriny fotsiny noho ny fahefana hananany, dia atao gadralava dimy taona izay Mpitsara manao izany.

208 Raha misy olona miampanga ny Mpitsara, na ny iraky ny Mpitsara, ho manao izao heloka hanasazena azy izao, raha marina ny fiampangany dia manana fahatelon'ny sazy izay anasazena ny Mpitsara na ny iraky ny Mpitsara diso izy. Fa raha miampanga tsy marina kosa ilay mpiampanga, dia sazina toraka ny sazy izay voalaza hatao amy ny Mpitsara na ny iraky ny Mpitsara raha diso izy, ka ny ampahatelon'ny sazy dia an'ilay nampangaina tsy marina. Ary raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-trano-maizina, ka atao ankevitry ny a. 1 isan-andro no itoerany ao mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

209 Ny Mpitsara dia mahazo maka mpanelanelana izay ataony ho mety hitsara manokana ny tenin'ny mpiady roa tonta izay efa azo am-bavany, ka izay nataaony ho marina nanaovany azy dia hatolony ny Mpitsara, kanefa ny amy fanatanterahana ny Didy dia any ny Mpitsara hiany, raha ataony fa marina ny nanaovan'ireo olona nalainy ireo; kanefa rehefa voafidy ireo olona alaina ho mpanelanelana ireo, dia lazaina amy mpiady roa tonta aloha ny anarany, ka raha misy laviny dia soloina. Ary raha ain'olona no hotsaraina, dia atao avo sasaka ny mpanelanelana. Ary ny olona tsy azo alaina ho mpanelanelana dia ny Mpanao Raharaha isan-tokony efa voatendry, sy ny olona izay manam-draharaha hafa hita izay tokony tsy hahafaka azy.

210 Ny taratasy enti-maka olona dia ny tenan'ilay alaina ihany no homena azy, ary raha tsy eo ilay olona alaina dia azo avela amin'izay olon-dehibe havany ny taratasy. Ary raha tsy misy olon-dehibe havany eo dia lazaina amy ny olona eo an-tanàna, ary apetraka eo am-baravaran'ilay olona alaina ny taratasy; ary raha tonga izy dia aterin'ny Fokonolona amy ny Antily izay naka azy.

211 Ny Mpitsara dia mahazo maka olona amy ny tany nihavian'ny mpiady, na olona hafa izay heveriny hahalalana tsara ny toetry ny adin'ny mpiady roa tonta, na ny tenin'ny vavolombelona, na dia olona tsy voatonon'ny mpiady ho vavolombelona aza.

212 Ny tsitialainga dia mandeha raha misy olona ho vakin-kabary.

## NY AMY NY ADY

213 Raha izao teny efa vita sy tsy nohetsehina tamin' Andrianampoinimerina sy Lehidama sy Rabodonandriampoinimerina sy Radama II sy Rasoherimanjakizao, ambadikimanareza izany, ka raha misy manetsika izany, indrindra ka manetsika ny teny vita amin'izao anjakako izao, dia sazina a. 100; Ary raha tsy mahaloa sazy dia atao gadralava dimy taona, fa mitsoa-bato. Ary raha mahaloa sy sasany ihany izy, fa tsy mahafeno ny fananany, dia atao ankeviny ny tsy feno, ka raha a. 200 no tsy feno dia migadra herintaona izy. Ary raha mihoatra na latsaka no izany, dia arakeviny hiany no igadrany.

214 Raha misy miady amin'olona, ka milaza ho teny vitan'ny Fanjakana kanjo tsy vita akory, dia sazina a. 100, na gadrana dimy taona, raha tsy mahaloa ny a. 100, ka izay tsy feno dia arakeviny amy ny a. 20 isan-taona ihany.

215 Raha manetsika ny teny efa vitam-pokonolona sy ny Andriana tompom-bodivona, dia sazina a. 30 sy ombilahy iray; ka raha tsy mahaloa sazy, dia atao gadralava herintaona; ary raha ny sasany hianay no voalohany dia atao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny sazy tsy voaloany.

216 Raha misy olona miady aman'olona, ka milaza ho teny vitam-pokonolona sy ny Andriana tompo-menakely, kanefa tsy vita tsy akory, dia sazina a. 50; ary raha ny sasany hiany no voaloany dia atao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andro izy mandr-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

217 Raha misy Fokon'olona, na Andriana tompom-bodivona, manao ho teny vita, kanefa tsy vita, sy manao ny vita ho tsy vita, dia sazina a. 50; ka raha tsy mahaloa sazy, dia atao an-tranomaizina, ary ny Fokonolona dia atao gadralava, ka atao ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

218 Raha misy manao an-keriny fa tsy miandry hifandahatra, ny fananana nalainy an-keriny dia averiny amy ny nitoerany taloha, ary izy dia sazina omby folo sy a. 10, sady ampanonerina ilay sasanangy isa-panompo sy voamena isan-omby, ets., voalaza amiy ny Lalàna 193, ny amy ny Mpitsara, izay nalaina tamin'ilay namaky azy, vao mahazo miady. Ary raha tsy mahaloa sazy, na ny sasany hiany no voaloany, dia atao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

219 Raha misy manendrikendrika olona ho manao an-keriny, kanefa hita fa fananana notoetra taminy izay ela izay hiany ilay anaovany azy ho manao an-keriny, dia sazina omby folo sy a. 10 ilay manendrikendrika vao mahazo miady; ary raha tsy mahaloa sazy, na ny sasay hiany no voalohany, dia atao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

220 Ny vavolombelona tsy marina dia sazina omby folo sy a. 10 avy; ka izay tsy mahaloa sazy dia atao gadralava herintaona.

221 Raha misy olona asain'ny Mpanao Raharaham-panjakana hilaza ny marina, ka tsy mety milaza ny marina, dia sazina omby folo sy a. 10; ka raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

222 Raha misy olona nasain'ny Mpanao Raharaham-panjakana hilaza ny marina, ka mandainga izy, dia sazina omby folo sy a. 10; ka raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

223 Raha miady fanjakana hianao, sy miady tanin-drazana, ary miady lova, sy manetsika ny didin'ny razana, ka miandry teza ho lavo, koa ny raibeny sy ny renibeny samy teo, ary ny rainy sy ny reniny samy teo, koa ankehitriny vao manetsika, dia tsy mananana izay manao izany, fa resy, ary sazina omby folo sy a. 10; ka raha tsy mahaloa sazy izy, na ny sasany hiany no voaloany, dia atao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

224 Raha ny ko-drazana osa, na tamin' Andrianampoinimerina, na Lehidama, na Rabodonandrianampoinimerina, na Radama II, na Rasoherimanjaka, ka nataony harena hifandiasana hoe: Izay lehibe mety hitoerany, ka raha te-hiady izy, dia mahazo miady. Ary raha milaza ko-drazana kosa aza hianao ka tsy misy akory, saingy mahita ny havana manan-karena, sy mahita ny havana lehibe, ka manao hoe: Misy ko-drazana ao, kenefa tsy hitam-

pokonolona, na tsy hitam-pirenena, na tsy hitam-pianakaviana, na tsy hitan'ny Andriana mitoetra amim-bodivona, koa mandainga amin'izany hianao, dia resy, ary sazina omby dimy sy a. 5; ka raha tsy mahaloa sazy izy, na ny sasany hiany no voalohany, dia atao gadralavaankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

225 Raha misy mivaro-tany, na tanimbary, na heniheny, na tampon-tanety, na lohasaha, na mpanompo, ka eo anatrehan'io olona mividy azy io hianao tsy miteny ary tsy manaraka, fa nony efa maty izy nivarotra sy nividy vao manaraka hianao, ka manao hoe: Tsy namidinay; raha manao izany hianao, ka miandry teza ho lavo, dia resy ka tsy manana, ary sazina omby folo sy a. 10; ka raha tsy mahaloa sazy izy, na ny sasany hiany no voaloa, dia atao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

226 Raha misy olona miombom-barotra, na miombon-dova, ka miady amin'izay arahina ny anakiray, fa ny anakiray kosa tsy mba miteny anaraka, ka nony mahita ny iray mahazo vao manao hoe: Lovantsika iombonana na varotra ikambanana ireny, dia tsy mba manana izay tsy miady, ka sazina omby dimy ay a. 5; ka raha tsy mahaloa sazy izy, na ny sasahiany no voaloany, dia atao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

227 Raha misy manao ny fananan'olona hoe: Anay ireny, na ananako ireny, ka samy velona eo izy, ka tsy mitory amy ny Fanjakana hovaliany, na taomina hiady, ka tsy mandeha, dia sazina omby folo sy a. 10 vao mahazo miady raha te-hiady; ka raha tsy mahaloa say izy, fa ny sasany hiany no voalohany, dia atao gadralava ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny sazy.

228 Raha manana ady amin'olona hianao, ka alain'ny Mpitsara ka misy fetr'andro omena hahatongavana ka tsy mitranga, kanefa tsy milaza na mampilaza tamy ny Mpitsara na ny iraky ny Mpitsara ny sampona izay tokony ho tsy nahafaka anao, dia sazina loso araka izay andro tsy nahatongavana vao mahazo miady. Ary raha tsy mahaloa sazy, na ny sasany hiany no voaloa, dia atao
an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny. Ary raha tsy nisy sampona tsy nahatongavana, fa mihenahena tsy mitranga fotsiny, dia alaina am-patorana sady mandoa vidin'andro a. 1 isan-andro araka izay andro tsy nahatongavana vao mahazo miady raha te-hiady; ary raha tsy mahaloa sazy izy, na ny sasany hiany no voaloany, dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny sazy, ary raha alaina ka mandositra dia resy.

229 Raha misy manangan-jaza, na manary zaza, dia tsy maintsy soratana amy ny Bokim-panjakana, ary rehefa soratana dia mandoa vola kirobo ho any ny Fanjakana; fa raha tsy voasoratra dia tsy zaza izay atsangana, ary tsy very izay ariana.

230 Raha miady harena ka mahery, ny harena naherezana dia tombanana hangalana kirobo isam-polo ho an'ny Fanjakana. Ary ny resy dia mandoa ny fahadimin'ny harena izay naharesy azy ho any ny Fanjakana sy ho tahan'ny mahery; ary raha tsy mahaloa, na ny sasany hiany no voaloany, dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

231 Raha misy tsy nahaloa ny haren'olona naharesy azy amy ny fotoan'andro izay asain'ny Mpitsara anolorany azy, dia afatra amy ny fananany rehetra ny fananan'olona naharesy azy, ka raha tsy mahafeno ny fananany, dia atao gadralava izy, ka ny fotoana igadrany dia alaina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahafenon'ny ankevitry ny haren'olona naharesy azy.

232 Ny mandidy harena, rehefa hitan'ny mpianakaviny, na ny Fokon'olona, na natrehin'Andriana mitoetra amim-bodivona, dia tsy maintsy atao an-taratasy, ka aterina any amy ny Fanjakana ka raha didy tiany haseho, dia soratana amy ny Bokim-panjakana ny

didiny, fa raha tiany hafenina kosa dia ny taratasy hiany no tehirizin'ny Fanjakana; kanefa na dia nataony an-taratasy aza, raha haren'olona no nodidiany dia mahazo manaraka ny azy ny tompon-karena. Ary na iza na iza no nomeny, raha tian'izy tompony hovana sy hotsoahana dia mahazo manao izay sitrapony izy tompony.

233 Ary na dia zanaka nateraka aza, na dia zanaka natsangana aza, na dia efa voadidy notolorana aza, ka tsy tia ray aman-dreny, dia masi-mandidy amy ny azy ny rainy aman-drenny, ary na zafy zanaky ny maty aza, na zaza tsy an-drano reny, raha tsy tia ray aman-dreny dia azo ariana; kanefa raha tia ray aman-dreny hiany kosa izy, dia tsy azo ariana ny zanaky ny maty, na ny zaza tsy an-drano reny, amin'izay efa nodidiana ho azy fahavelon-drainy sy reniny.

234 Raha misy maty mandidy harena dia misalahy no fizaran'ny zanany harena, ary izay tolo-bohitra nataony dia samy mipetraka amy ny azy.

235 Raha misy manangan-jaza, na manary zaza, ka latsaka noho ny herinandro ny nanangananany na ny nanariany dia maty izy, ny atsangana dia tsy zaza, ary ny ariana dia tsy very, fa an-dohariana izany.

236 Raha miy zana-kavana nalaina hiantrana amy ny fahantrany, ka tsy voatsangana amy ny vola tsy vaky, na ny sikajy isan-drain-jaza izy, ary tsy hitan'ny mpianakavy, na ny Fokon'olona, na ny Andriana mitoetra amim-bodivona, sy tsy voasoratra amy ny Fanjakana, ka manaraka ho zaza, dia tsy zaza raha tsy hitan'izany, ka sazina omby dimy sy a. 5. Ary raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitri ny sazy tsy voaloany.

237 Raha misy zaza miloka, ka ny haren'ny rainy aman-dreniny na ny haren-kavany no ilokany, dia meloka, ka atao an-tranomaizina iray volana; ary ny haren'olona nilokany dia haverin'ilay nahazo loka amy ny tompon-karena, ary ilay zanak'olona nilokany dia averin'ilay nahazo loka amy ny tompon-karena, ary ilay zanak'olona niloka dia tsy azo arahin-trosa intsony amin'io. Ary raha hazoninao nahazo loka ny haren'olona, dia meloka hianao, ka atao gadralava iray taona. Ary raha tapitra ny fe-taona, ka tsy mbola manome ny zavatr'olona hiany hianao, dia afatra amy ny fanananao ny haren'olona ka rehefa hita marina fa tapitra avokoa ny anananao, dia afaka hianao. Ary ny tany dia tsy azo ilokana.

238 Raha misy misambotra volan'olona, ka ny fanana'ny rainy aman-dreniny, na ny any havany, na ny any olon-kafa, na fanananana iombonany amin'olona, no ataony antoka, fa tsy ny ankevitry ny azy, ka tsy atrehin'ny tompon-karena, dia tsy azo ekena ho antoka ny haren'olona. Ary ilay manao antoka dia sazina omby folo sy a. 10; ka raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny. Ary raha misy voarain'ilay tompom-bola dia averina amin'ilay tompony. Ary izay nampisamborina azy dia harem-bery, Ary raha ny mpanoratra amy ny Fanjakana no tsy nanontany tsara amin'ilay mpaka vola sy ny mpamoaka, fa manoratra ny fananan'olona tsy atrehinilay tompon-karena, dia izy no mandoa ny volan'olona; ary raha tsy mahaloa izy ka hita marina fa tapitra ny ananany rehetra, dia afaka izy.

239 Raha misy zaza adala efa voalaza amy ny fanjakana, ka mivarotra ny haren-drainy aman-dreniny, na ny haren-kavany, na misambotra volan'olona, na manao anto-bola, koa mividy aminy hianao na mampisambotra azy, dia very ny harenao. Dia sazina omby folo sy a. 10 sy ampamenoina ny fananan'olona; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny sazy tsy voalohany.

240 Raha misy manobom-trosa olona ka tsy marina, dia mandoa izay trosa natombony ilay olona izy; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny vola.

241 Raha misy misambo-bola,na maka ny volan'olna, ka tsy mandoa, dia alaina ny fananany rehetra hamarana ny volan’olona; ka rehefa hita marina fa tapitra ny fananany rehetra dia afaka izy na dia tsy feno aza ny volan'olona. Ary raha manana fananana hiany kosa izy, ka afeniny any amin'olona, na havany, na sakaizany, na zanany, na rainy aman-dreniny, dia alaina izany fananany izany hamarana ny volan'olona ka raha misy ambiny dia alaina ho any ny Fanjakana. Ary raha tsy mahafeno ny haren'olona ny azy nafeniny, dia ny havany, na sakaizany, na zanany, na ray aman-dreniny, na olon-kafa izay mety hametrahany izany, no mameno ny haren'olona raha misy tsy feno, sady atao an-tranomaizina telo volana. Ary ny tompon-trosa dia izay mamaky voalohany amy ny Fanjakana hiany no afatra aloha amin'izay ananany.

242 Raha misy misambo-bola, ka atrehin'ny havany na olon-kafa, ka eken'ireo manatrika ireo fa azy ny fananana nataony antoka, kanjo tsy azy akory dia afatra amin'ilay havany na olon-kafa izay nandainga ny haren'olona izay tsy ampy. Ka raha tsy ampy ny fananany dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry izay tsy voalohany.

243 Ary ny trosa amin'olona, raha mamoha amy ny Fanjakana ny tompo-karena, dia avo fahatelo ny haren-tsy miteraka, ary raha miteraka dia avo sasaka ny renivola; ary ny zana-bola na be na kely dia tapaka amin'izay. Ary izay zana-bola efa lasan'ny tompon-trosa kosa talohan'ny namakiany dia tsy mandoa anikinana izy.

244 Raha misy olona mamehy vava-tany, dia tsy maintsy refesina tsara ny tany feheziny vava, ka ny refiny y ny fe-taona ifanekeny dia soratana amy ny Bokim-panjakana. Koa raha misy mangaro vola ny tany feheziny vava amy ny azy dia sazina omby iray sy a. 1 izy. Ary raha manatitra ny vola fehi-vavany ny tompon-tany dia azy avokoa ireo tany naharony vala ireo. Ary izay mampanofa tany toy izany ka hosoratana amy ny Bokim-panjakana, dia andoavana e. 15 isan-ariary ny fehi-vavany ho any ny Fanjakana.

245 Raha mivaro-javatra hianao, ka varo-maty ihany no nivarotanao azy, ka saingy mihatsara ny zavatra ka ataonao hoe fehi-vavany fa tsy varo-maty, dia azy varo-maty hiany. Ary hianao izay mandainga toy izany dia sazina omby dimy sy a. 5; ary raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

246 Raha mividy zavatra hianao, ka fehi-vavany no nividiananao azy, saingy tianao ny zavatr'olona, ka ataonao hoe varo-maty, dia ny vola nividiananao ny zavatra no miverina. Ary ny zavatr'olon novidina dia miverina amy ny tompony, ary hianao dia sazina omby dimy sy a. 5; ary raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

247 Raha mividy zavatra hianao ka manao lefilany, saingy tian'Andriana, saingy Lehibe, saingy mahay miteny, saingy Andriana mitoetra amim-bodivona na zanak'Andriana ka alefanao sasaka, alefanao fahatelo ny haren'olona fa ny sisa tsy aloanao; raha manao izany, ny harenao efa lasa dia lany maina, ary ny vidin-javatr'olona izay nifanekeny taminao dia aloanao indray; ka raha tsy voaloa ny vidin-javatr'olona dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

248 Raha mivarotra amy ny mpanompon'olona hianao, sy mampisambo-bola ny mpanompon'olona, ka tsy atrehin'ny tompony na samy mpanompo aza; raha tsy misy ny haloany dia harem-bery izany.

249 Raha misy mivarotra amy ny Tsiarondahy raha tsy samy tora-botsotra ka tsy misy ny haloany, dia harem-bery; ary raha misy ihany ny fananany fa afeniny, dia alaina hamenoana ny haren'olona; ka izay mety hanafenany ny hareny no mameno ny volan'olona raha tsy mahafeno ny azy; ary raha tsy manome izy, na ny sasany hiany no omeny, dia atao an-

tranomaizina nakevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny volan'olona; ary raha vola samborina amin'olona dia dia atao tahaka ny voalaza amy ny Lalàna 241, 242.

250 Ny Fokon'olona sy ny tompom-bodivona dia tsy mahazo mampiady olona, kanefa raha mpiady roa tonta no mifanaiky, ka mangataka ny fokonolona na ny tompo-menakely mba hampifanatrika azy, dia milaza amy ny Fanjakana ny Fokonolona sy ny tompomenakely, ka raha asainy manao dia manao, ary izay nahavitany azy dia lazainy amy ny Fanjakana hosoratana amy ny bokim-panjakana; ka raha tsy milaza dia sazina omby iray sy a. 1 isan'olona izay manao, ary ny nahavitany azy dia tsy maintsy aterina ihany, ary ny mpiady roa tonta, izay tompon'ny teny vita, dia mandoa a. 1 avy ho any ny Fanjakana. Ary raha misy Fokonolona na tompo-menakely mampiady olona, kanefa tsy mbola nilaza tamy ny Fanjakana ka nampanaoviny, dia sazina omby iray a. 1; ka raha misy tsy mahaloa sazy amin'ireo dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

251 Ny havana akaiky, dia ny zanak'olo-mirahavay, sy ny zanak'olo-mirahalahy, sy ny zanak'olo-mianadahy, dia mahazo mifananatra hiany raha misy miady harena izy, ka eken'izy roa tonta; ka izay nahavitany azy dia lazaina amy ny Fanjakana hosoratana amy ny Bokim-panjakana, fa raha tsy manatitra dia sazina omby iray sy a. 1 isan'olona izay nanao teo, ary ny taratasy tsy maintsy aterina; koa raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny. Ary ny tompon'ny teny vita dia mandoa loso avy ho any ny Fanjakana.

252 Raha misy mahantra manan'ady, ka hitan'ny Fokon'olona itoerany fa tokony tsy hahaloa ny vola asain'ny Fanjakana aloany amy ny ady, na ny fampitsarana, na ny sazy, dia hampisamborin'ny Fanjakana izy; ka raha mahery izy dia alaina amy ny harena naherezany ny volam-panjakana nampisamborina azy. Fa raha resy izy, dia ampiasaina ho any ny Fanjakana izy, ka raisina ankevitry ny sikajy isan-andro ny asa vitany mandra-pahatapitry ny ankevitry ny vola nampisamborina azy.

253 Raha misy olona tsaraina amy ny fitsarana, ka malahelo fa ataony fa diso fitsara ny Mpitsara, dia mahazo mitaraina amy ny fitsarana ambony izy, ka manolotra ny taratasy misy ny soniany amy ny Mpitsara andro ivoahan'ny didy eo no ho eo, ka manao hoe: "Mila ny fitsarana ambony aho". Ary raha marina hiany kosa ny nitsarana azy, fa mitady hanaratsy foana ny fitsarana, dia resy hiany izy, ka mandoa ny sazy izay nitsaran'ny Mpitsara azy, sady mandoa a. 50 koa. Kanefa, na dia mitaraina amy ny fitsarana ambony aza izy, dia tsy alaim-bavany intsony akory, fa ny teniny izay efa nitsaran'ny Mpitsara azy hiany no itsaran'ny Mpitsara ambony azy. Ary raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

254 Na iza na iza mangalatra taratasim-panekena, na manimba azy, na mahafoana azy, na an-olona izany, na ao amy ny trano fitsarana, dia sazina omby folo sy a. 10; ka raha tsy mahaloa dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

255 Raha misy taratasy fanekena any aminao, ka alain'ny Mpanao Raharaham-panjakana, ka tsy omenao, dia sazina omby iray sy a. 1 hianao; ary raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro, mandra-pahatapitry ny ankevitry ny sazy; ary ilay taratasy fanekena dia tsy maintsy omena ny Mpanao Raharam-panjakana hizahany.

256 Raha misy mpiady mangataka andro rehefa mby eo am-pitsarana izy dia azon'ny Mpitsara omena andro, rehefa mametraka antoka ho fampitanana, ka raha misy tsy mitranga amy ny fetr'andro izy dia alain'ny Fanjakana ho vidin'ny andro tsy nahatongavany ny zavatra nataony antoka.

257 Raha misy olona anontanian'ny Mpitsara eo am-pitsarana ny raharaha momba ny fitsarana, ka tsy mety mamaly, dia atao an-tranomaizina fito andro.

258 Raha misy olona atao ho adala voampanga, ka hotsaraina, dia asain'ny Mpitsara hizahan'ny Mpanao fanafody izy aloha, na adla tokoa na tsia, koa raha mahita marina fa adala tokoa izy, dia ajanona; fa raha mody adala kosa izy, dia sazina omby dimy sy a. 5 vao mahazo mamaly; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

259 Raha misy olona efa antitra, na marary, na osa, manan'ady ka tsy afaka mankany amy ny fitsarana, dia manam-pahefana ny Mpitsara haniraka olona ho any aminy haka izay teniny hamalian'ilay mpiady aminy. Ary izany teniny izany dia hasian'ilay tompony sonia, ary raha tsy mahay manoratra izy, dia soratana amy ny taratasy, ka asiana vavolombelona hanatrika ny fiteniny ho entina any amy ny Mpitsara.

260 Raha miady ka mbola tsy vita ny adiny ka maty izy, na ny manaraka na ny arahina, raha manan-janaka na izay havany mandova azy hanohy ny adiny, dia mahazo miady izy.

261 Ny mpiady roa tonta dia tsy maintsy samy manatrika ny adiny, raha tsy misy antony lehibe tokony hahatonga azy eo.

262 Raha misy Malagasy mamadika ny Fanekem-pihavanana izay vitan' Fanjakany Madagaskara amy ny Fanjakana Havana any an-dafin' ny ranomasina, dia hohelohina araka ny Lalàn' ny Fanjakany Madagaskara izy.

263 Ny Lalàna ny Fomban-tany izay fanao hatramy ny ela, ary mbola arahina mandrak' ankehitriny, na dia tsy voasoratra amin'ity Lalàna ity aza, dia mbola Lalàna velona izany sy Fomba arahina, ka ankatoavina tahaka ny Lalàna voasoratra amy ny bokin'ity Lalàna ity.

264 Ny fivavahana amin' Andriamanitra dia tsy terena, fa Andriamanitra no nanao anareo.

265 Raha misy olona ta-hampintondra taratasy amin-dRainilaiarivony, Prime Minister sy Commander-in-Chhief, dia mahazo mampitondra izy, na hilaza alahelo na hilaza hafaliana.

## NY LALANA AMY NY SEKOLY ETO IMERINA ENIN-TOKO

### NY AMY NY SEKOLY

266 Ny Sekoly rehetra tsy maintsy hosoratana ao amin' ny bokin' ny Lehiben' ny Fampianarana, mbamy ny anaran' ny Mpampianatra sy ny anaran' ny Masoivohon' ny Lehiben' ny Fampianarana. Izay Sekoly tsy voasoratra dia tsy isaina ho Sekoly.

267 Izay hanao trano Sekoly dia milaza amy ny Lehiben' ny Mpanao Raharaha momba ny Fampianarana.

268 Raha kely laotra ny vohitra, ka tsy mahazaka ny karaman' ny Mpampianatra, dia mahazo mikambana amy ny vohitra hafa izay mifanakaiky aminy izy.

269 Ary raha misy ankizy mianatra amy ny Sekoly izay tsy voasoratra amy ny bokin' ny Lehiben' ny Fampianarana, na tsy azon' ny Mpanadina Sekoly hidirana hanadinany ny ankizy madinika, dia isaina ho isan' ny tsy mianatra ireo ankizy ireo, ka hosazina a. 1 isan-jaza ny ray aman-dreniny, ary ny ankizy tsy maintsy adinina; ka raha misy tsy mahaloa sazy amin'ireo dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

NY FILATSAHAN'NY ANKIZY MADINIKA HIANATRA

270 Ny ray aman-dreny, na ny havan'ny ankizy akaiky indrindra, dia hifidy izay Sekoly tiany handatsahana ny zaza; ary tsy mahasoa ny ankizy ny mifindrafindra fianarana mandrakariva, fa tsy mampandroso ny fahaizany izany.

271 Ny zaza hatramy ny valo taona noho miakatra, na lahy na vavy, dia samy alatsaka amy ny Sekoly avokoa hianatra; ary raha mbola latsaka noho izany ny taonany, dia araka izay tian'ny ray aman-dreniny, na ny havany akaiky indrindra raha tsy eo ny ray aman-dreniny.

272 Ny fe-taona maha-sekoly ny ankizy madinika dia hatramy ny valo taona ka hatramy ny enina ambin' ny folo taona; ary anefa na dia tsy tapitr' andro aza ny mpianatra, ka mahatratra ny fari-pahaizana, dia mahazo miala izy raha te-hiala. Ary raha mbola te-hianatra izy, raha hita fa tokony hahay dia avela hianatra ihany.

273 Raha misy tsy mandatsaka ny ankizy madinika izay efa tonga amin'izany fe-taona izany, na miala safay foana, fa tsy mamela azy ho tonga araka ny andro misy fampianarana, dia hosazina a. 1 isan'ny zaza tsy alatsany na ampialany safay izy, ary ny ankizy dia tsy maintsy alatsaka ; ary raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

274 Raha misy ray aman-dreny, na havan'ny ankizy akaiky indrindra, ta-hamindra ny zaza izay efa nahatratra ny fe-pahaizana hianatra amy ny fianarana ambony, na tsy mbola lany aza ny fe-taonany, dia milaza amy ny Lehiben'ny Mpanao Raharaham-panjakana momba ny Fampianarana izy ny amy ny toetry ny zanany, homeny taratasy hifindrany amin'izay tiany hianarany.

275 Raha misy ray aman-dreny, na havana akaiky indrindra, ta-handatsaka any ankizy (vao milatsaka) any amy ny Sekoly lavitra fa tsy eo amy ny akaiky azy, dia mahazo manao izany izy, kanefa tsy maintsy maka taratasy amin'ilay Mpampianatra Sekoly akaiky azy izay tokony ho nandatsahana ny zaza izy, hilaza amin'ilay Mpampianatra amy ny Sekoly tiany handatsahana ny zaza, hahalalana fa efa mianatra ny zaza.

276 Ny ankizy nadinika izay alatsaka dia ny ray aman-dreniny na ny havany akaiky indrindra no hanatitra azy ; kanefa ny fandatsahany azy tsy eken'ny Fanjakana ho mahazaza mpandova azy raha tsy zanany araka ny fombam-panjakana izy.

277 Ny zaza alatsaka dia hosoratan'ny Mpampianatra amy ny anarany, sy ny anaran-drainy na reniny na ny anaran' ny havany akaiky indrindra (raha tsy eo ny ray aman-dreniny handatsaka azy), sy ny fonenany, sy ny taona nahavelomany, ary ny andro amam-bolana sy ny taona nandatsahana azy tamy ny Sekoly.

278 Raha misy maty ny mpianatra izay efa nilatsaka, dia ho lazaina amy ny Lehiben'ny Mpanao Raharaha momba ny Fampianarana.

279 Ny mpanompon'olona raha tiany hianatra dia raisina; kanefa raha alain'ny tompony dia tsy hazonina.

## NY AMY NY FANADINANA

280 Ny Fanjakana dia hanendry Mpanadina Sekoly izay sady mahay no mahatoky

281 Isan-taona ny Fanjakana dia hizaha ny toe-pahaizan' ny mpianatra ao amy ny vohitra izay fidiny hifnatonan' ny mpianatra amy ny Sekoly maro, na ampianarin' iza na ampianarin'iza.

282 Ny fe-pahaizana voalohany izay hotratrarin' ny mpianatra dia Vakiteny, sy Sora-tànana tsara, ary Marika hatrany ny Arakeviny tsotra. Izay mahatratra ireo dia omen' ny Fanjakana taratasy milaza ny fahaizany. Ary na dia mbola tsy tapitra aza ny fe-taona dia mahazo miala izy raha te-hiala.

283 Hisy koa fanadinana ambony noho izany izay hataon'ny Fanjakana. Koa izay mpianatra mahatratra izany dia omen'ny Fanjakana taratasy araka izany fahaizany izany izy.

284 Ny Misionary na ny Evanjelistra, mahazo manadina ny Sekoly ao anatin' ny fitandremany avy izy raha tiany, kanefa tsy maintsy hilaza aloha amy ny Lehiben' ny Mpanao Raharaha momba ny Fampianarana. Fa ny Mpitandrina Sekoly voatendrin' ny Fanjakana hiany no mahazo manome taratasy milaza ny nahatratraran'ny mpianatra ny fe-pahaizana.

285 Ny Fanjakana no hanome valim-pitia amy ny Mpampianatra isan-taona, araka ny isan' ny ankizy ampianariny izay mahatratra ny fe-pahaizana. Kanefa tsy hanome izy raha vitsy foana ny ankizy izay mahatratra izany.

286 Raha misy tsy mitandrina tsara izany taratasy milaza ny fahaizany omen' ny Fanjakana azy izany, fa manimbasimba azy foana na manary azy, dia manatona ny Lehibe' ny Mpanao Raharaha momba ny Fampianarana izy homena izany taratasy izany indray, ary mitondra vola sikajy.

287 Izay mpianatra nahatratra ny fanadinanan dia hosoratana amy ny boky, dia ny anarany, sy ny anaran-drainy na reniny, na ny havany akaiky indrindra, ary ny fonenany.

288 Raha misy maty ny mpianatra nahazo ny taratasy milaza ny fahaizany avy amy ny Fanjakana, dia aterina amy ny Mpampianatra izany taratasy izany hatolony ny Lehiben' ny Mpanao Raharaha momba ny Fampianarana, hitadidiana azy amy ny boky.

## NY AMY NY MPAMPIANATRA

289 Ny Fanjakana dia hanao fanadianana ambony indray ho any izay azo alefa ho Mpampianatra; izay mahatratra izany dia homena taratasy araka izany avy amy ny Fanjakana. Ary raha tsy mahazo izany dia tsy azo alefa ho Mpampianatra.

290 Ny Mpampianatra dia hikely aina handrosoan' ny fampianarany, fa raha tsy izany dia esorina izy ka soloana, ary sazina a. 5 ; ka raha tsy mahaloa ny sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

291 Ny Mpampianatra mahazo manao izay fantany hahalavorary ny fampianarany

292 Ny Mpampianatra dia hilaza amy ny Mpanadin' ny Sekoly ny andro misy fampianarana tamy ny taona iray, sy ny fahatongavan' ny mpianatra, ary ny toetry ny fandrosoany tamin'izany.

293 Tsy misy Mpampianatra mahazo miala amin'ny fampianarany raha tsy eken'ny Fanjakana.

294 Raha misy Sekoly tsy misy Mpampianatra, na tsy ampy Mpampianatra, ny mponina ao amy ny tany misy izany Sekoly izany dia hilaza amy ny Lehiben' ny Raharaha momba ny Fampianarana.

295 Ao amy ny isan-tanàna misy Sekoly dia hisy Maso ivohon' ny Lehiben' ny Mpanao Raharaha momba ny Fampianarana, tendren' ny Fanjakana hitandrina tsara ny Sekoly sy ny Mpampianatra. Ary misy fantany hampandroso ny fianarana na misakana azy, dia milaza amy ny Lehiben' ny Mpanao Raharaha momba ny Fampianarana izy. Ary manao zavatra hafahafa izy, indrindra ka manao izay tsy handrosoan' ny Fampianarana, dia sazina a. 5; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

296 Raha misy Mpampianatra maka ny mpianatra amy ny Sekoly hafa hianatra ao aminy, na manaiky ny hifidrany, nefa mbola tsy tapitra ny fe-pahaizany, dia sazina a. 3 izy ; ary ny mpianatra izay nifindra ao aminy dia averina amy ny Sekoly nialany. Ary raha tsy mahaloa ny sazy izy dia atao an-tranomaizana ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

297 Izay hahalavorary ny fampianarana dia raharahan' ny Fanjakana. Ary na iza na iza Vahiny tonga eto hampianatra Sekoly, dia mahazo mampianatra sy manampy izay hahasoa ny fampianarana izy.

298 Raha misy Mpampianatra ratsy fitondrantena, dia esorina izy sady sazina a. 5 ; ka raha tsy mahaloa sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

299 Raha misy Mpampianatra mampiasa na mampanao raharaha ny mpianany, na inona na inona, afa-tsy ny momba ny fampianarana, dia sazina a. 5 izy isaky ny mampanao; ka raha tsy mahaloa ny sazy izy dia atao an-tranomaizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

300 Raha misy Mpampianatra mandray ankizy madinika hitoetra ao aminy hianatra, dia mahazo manao izany ny Mpampianatra raha mifanaraka izy sy ny ray aman-drenin' ny zaza, na ny havany akaiky indrindra; kanefa raha te-hiala ny zaza rehefa mahatratra ny fari-pahaizana dia mahazo miala. Ary izay zavatra lany momba ny fampianarana dia tsy azon'ny mpampianatra arahina amy ny ray aman-drenin'ny zaza, na ny havany akaiky indrindra na amy ny zaza. Rehefa mahatratra ny farim-pahaizana ny mpianatra, ka mbola te-hianatra hiany izy, dia mahazo mipetraka ao amy ny Mpampianatra, rehefa milaza amy ny Lehiben'ny Mpanao Raharaha momba ny Fampianarana.

301 Ny miampanga izay rehetra tsy mahatanteraka ny voalaza amin'ity Lalàna momba ny Fampianarana ity dia omena ny fahatelon' ny sazy izy, raha marina ny fiampangany.

302 Hatreo Analamazaotra noho miankandrefana, sy ny Vakiny Sahasarotra noho mianatsimo, sy Ambohibalala noho miantsinanana, ary Ambodifiakarana noho mianavaratra, dia tsy azo anaovan-toaka mahery, fa raha misy manao toaka ao anatin'izao fari-tany izao dia sazina omby folo sy a.10, ary ny toaka vitany ariana, ary ny fanaovany dia ravana; ary raha tsy mahaloa sazy dia atao an-trano-maizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

303 Raha misy mivarotra na mitahiry ny toaka mahery ao anatin'izao fari-tany izao dia sazina omby folo sy a.10, ary ny toakany dia ariana; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-trano-maizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

304 Raha misy mamo toaka ao anatin'izao fari-tany izao dia sazina omby fito sy a. 7; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-trano-maizina ankevitry ny sikajy isan-andro mandra-pahatapitry ny saziny.

305 Raha misy mitondra toaka mahery, na mety ampitondraina toaka mahery, ao anatin'izao fari-tany izao na iza na iza mampitondra, dia sazina omby dimy sy a. 5; ka raha tsy mahaloa sazy dia atao an-trano-maizina ankevitry ny sikajy mandra-pahatapitry ny ankevitry ny saziny.

================================================================

Efa renareo izay ny Lalàn'ny Fanjakana, koa samia mitandrina tsara, ry Ambanilanitra fa raha mahatana ny tenin'izy efa-mianaka sy mitandrina izao Didiko izao dia matokia fa Izaho no aron' ny vady, aron'ny zanaka, ary aron'ny fanananareo; koa rehefa ataoko hoe Matokia, dia matokia tokoa, fa IZAHO ANDRIANA TSY MBA MAMITAKA.

Sa tsy izay, ry Ambanilanitra ?